

PROVANSAN'NY RANOMASIMBE INDIANA

Ny dina /fifanarahana/Fifanekena Anglikana¹

Fampidirana :

«Fa efa naseho ny fiainana, ary efa nahita azy izahay, dia tonga vavolombelona ka manambara aminareo ny fiainana mandrakizay, izay tao amin'ny Ray ka efa naseho taminay, izay efa hitanay sy renay no hambaranay aminareo , mba hahazoanareo firaisana aminay koa; ary ny firaisanay dia amin'ny Ray sy amin'i Jesoa Kristy Zanany. Ary izao zavatra izao no soratanay, mba ho tanteraka ny fifaliansika» 1 Jaona 1 .2-4

1. Nantsoin' Andriamanitra hiombom-piainana amin'ny Jesoa Kristy isika (1 Kor. 13) Nasehon'ny Zanaka tamintsika ho toy ilay tena fiainan' Andriamanitra Trinité io fiombonana io. Inona io fiainana nambara tamintsika io? I Santa Jaona dia nilaza mazava fa ny fiombonam-piainantsika ao amin'ny fiangonana dia fandraisantsika anjara mihitsy amin'ny fiombonam-piainana amin'ny Andriamanitra, ny fiainan'ny Trinité. Tsy lavitra ny fiainantsika akory izany fiainana izany. Ireo Apôstôly sy ny mpianany dia «nahita maso» ka «vavolombelon'izany»: «satria amin'ny fiombonan' i Fiangonana dia mandray anjara amin'ny fiainan' Andriamanitra isika». ² Izany fiainan' Andriamanitra Tokana, Ray, Zanaka sy Fanahy Masina izany dia miseho endrika amin'ny alalan'ny fisiana sy firafitry ny Fiangonana.
2. Izany antson' Andriamanitra fiombonana izany dia nataony ho an' ny voary manontolo (Ef.1.10; 3.9) Ho an'ny olombelona rehetra no anambaran' Andriamanitra izany, amin'izay dia hampitoeriny ao amintsika ny endriny amin'ny alalan'ny fandraisantsika anjara amin'ny fiainan' Andriamanitra Ray sy Zanaka sy Fanahy Masina. Hatramin'izay Andriamanitra, araka ny voalazan'ny Soratra Masina dia manampy hatrany izany antsony izany tamin'ny alalan'ny fanekem-pihavanana (Alliance) nataony tamin'ny Noa, Abrahamana, Israely ary Davida. I Jeremia profeta dia naniry ny fanekem-pihavanana vaovao voasoratra ao am-po fa tsy amin'ny vato (Jeremia 31: 31 – 34). Ao amin'ny Jesoa Kristy Zanak' Andriamanitra dia fanekem-pihavanana vaovao no natolotra, naorina tao amin'ny «rany ...nalatsaka ho an'ny besinimaro ho famelan-keloka» (Matio 26, 28), azo avy tamin'ny fitsanganana tamin'ny maty (Efesianina 1: 19 – 23), ary hamafisin'ny Fanahy Masina nomena antsika ka mameno ny fontsika (Romanina 5. 5). Io fanekem-pihavanana'ny fahafatesana amin'ny ota sy fiainam-baovao ao amin'i Kristy io no mahatonga antsika hizara ny fiombonan' Andriamanitra ao amin'i Kristy amin'ny olona rehetra, hatrany amin'ny faran'ny tany sy zava-boaary.
3. Ekentsika am-panetrenten-tena fa io antso sy fanomezam-pahasoavan'ny fiombonana io dia miteraka andraikitra amin'ny fiombonam-piainantsika eo anatrehan' Andriamanitra amin'ny fikatsahantsika amin'ny alalan'ny fahasoavana izay hahatanteraka ny fikasan' Andriamanitra ho an'izao tontolo izao isika amin'ny alalan'ny fahasoavany. Ampivondronina ao amin'ny fiangonana tokana maneran-tany, izay tenan'i Kristy, mieli-patrana mnerana izao tontolo izao, miara-manompo ny Vaovao Mahafaliny isika izay natao ho afaka tonga ho iray ka handrava ny rindrin'ny fisarasarahana sy ny fanavakavahana. (Efesianina 2.12-22). Ireo endriky ny fiainana ao amin'ny Fiangonana ireo izay hita ao anatin'ny misterin'ny fiombonana masina, dia maneho amin'ireo herin'ny faharatsiana sy fisarahana eo amin'ny izao tontolo izao ny «endriky ny fahendren' Andriamanitra samihafaha» (Efes. 3:9-10). Ny Fahatokiana, ny fahamendrehena, ny fahalemam-panahy, ny fanetren-tena, ny faharetana, ny famelan-keloka ary koa ny fitiavana iainana ao anatin'ny fanajana sy fifanompoana (Marka 10:44 – 45) eo anivon'ny vahoakan' Andriamanitra sy ireo asa fanompoana izay mitarika ny fitomboan'ny vatan'i Kristy mankany amin'ny fahamatorana (Efes.4. 1-16; Kol. 3: 8-17)
4. Eo ambany fiarovan' Andriamanitra, izay mampiasa ny fahefany hatrany na dia misaratsaraka noho ny ota aza isika dia nisy fiforonana fianakaviam-piangonana samy hafa teo anivon'ny fiangonana

¹ <http://www.anglicancommunion.org/commission/covenant/final/text.cfm>, dikan-teny Malagasy (2012-2013) nataon'i Reverend Ramahalefitra Hyacinthe Arsène Jaona

² *The Church of the Triune God (Ny fiangonan'A/tra ao Triune)*, Ny zava-misy tao Kyprosy ny amin'ny Vaomiera maneran-tany ho an'ny Anglikana Ortodoksa, 2007, an-dàlana faha- 1,2.

manerantany nandritra ny taon-jato nifandimby. Anisan'io fianakaviana io ny «Fiombonam-be Anglikana» izay mitondra fahasoavam-panahy sy famantarana manokana manoloana ireo mpanompo sy mpianatr'i Kristy marobe. Noho ny fahafantarany ny hakanto sy hatsarana ary ny fanamby ny amin'ny ihazonana ny fiombonana, eo anivon'io fianakaviam-ben'ny fiangonana io, sy ny fahitanay fa tokony hisian'ny fifanomezan-toky sy fitsipika amin'ny maha-vavolombelon'ny fampanantenan'Andriamanitra eo anivon'izao tontolo izao sy fotoanan'ny safotofoto, ady, fisamatsamahana dia miara-manome toky izahay amin'ny maha fiangonana anay ao anatin'ny fiombonambe Anglikana fa tsy hiala amin'ny fampanantenan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny tantaran'ny finoana izay iaikenay amin'ny alalan'ny fiombonany mivavaka, amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny iraka ampanaovin'Andriamanitra anay, ary koa amin'ny alalan'ny fomba izay iainanay miaraka.

5. Raha nanao io Fanekem-pihavanana io izahay dia tsy manam-pikasana hanova ny endrika sy foto-pisainana Anglikana sy ny finoana Kristiana akory. Fa kosa fantatray tsar any maha-zava-dehibe ny fanavaozana amin'ny fomba mafonja ny fifanomezanay toky sy eo amin'ny fahatsapanay miaraka ny finoana sy ny baiko noraisinay mba hahatonga ny rohim-pifankatiavana izay mampiaray antsika hihamafy sy maharitra. Izany no atao, dia ny mba hanehoana ny fifandriantsika amin'ny hafa, ny fahatokian'Andriamanitra sy ny fampanantenan'Andriamanitra amintsika ao amin'i Kristy (2 Korintianina 1. 20 - 22)
6. Isika dia vahoaka izay miaina, miantra ary mivavaka amin'ny alalan'ny Soratra Masina sy araka ny tenin'Andriamanitra. Mikatsaka ny hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fisaorana, fiderana ary fitondrana ireo zavatra ilain'ny olona amin'ny alalan'ny vavaky ny Eklisia izao ao amin'ny Boky Fivavahana, manambatra fiteny sy kolontsaina maro samy hafa. Raisinay adidy sy voninahitra ny mifampizarana ao amin'ny anjara andraikitr'ireo Apostoly amin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafalin'i Kristy amin'ny Firenena sy vahoaka rehetra ao aminy, tsy amin'ny teny ihany fa koa amin'ny alalan'ny asa am-pitiavana sy am-pahamarinana izay maneho ny toetran'Andriamanitra sy fandrezen'i Kristy ny ota sy ny fahafatesana. Manolotra ny tenany izahay ho mpanompon'Ilay mpampitambatra lehibe manoloana ny fivakisan'ny Kristiana eo anivon'izao tontolo izao. Tompo anie hanampy anay tsy hitory ny tenany, fa kosa history an'i Jesoa Kristy ho Tompo, ary izahay ho mpanomponareo noho ny amin'i Jesoa (2 Kor. 4.5).
7. Ny finoanay dia maneho miharihary ny fifanarahan'ny fijoroanay vavolombelona amin'ny izay voarainay avy tamin'ny tenin'Andriamanitra sy izay efa narahany ny Fiangonana hatrizay. Ny fiarahanay miaina dia taratr'ireo tsodranon'Andriamanitra (na dia mahatonga tsy fahombiazana eo amin'ny finoanay, fanantenana ary fitiavana aza izany) amin'ny fampitomboana ny fiombonana ao amin'ny tena fianakaviana manerantany. Ny iraka hotanterahinay dia mikendry ny fanompoana ilay fampanantenan'Andriamanitra lehibe ao amin'i Kristy izay mahasahana ny vahoaka manontolo sy izao tontolo izao izay tian'Andriamanitra fatratra. Tanterahana izany iraka izany amin'ny alalan'ny fifampizarana andraikitra sy fitantanana ireo harena ary ny fahatsapantena eo amintsika miaraka amin'ireo fiangonana misandrahaka manerantany.
8. Ny vavakanay dia mba hohafahan'Andriamanitra anie ireo tebitebintsaintsika sy ireo fahalementsika ireo, hanavao sy hameno ny fiainantsika ary hampiasain'Andriamanitra anie ny Fiombonambe Anglikana mba ho mpijorovavolombelona mahomby eo amin'izao tontolo izao, hazoto mafy hiara-hiasa amin'olona rehetra, ho amin'ny fiainam-baovao sy fanantenana hita ao amin'ny Kristy Jesoa.

NY FIFANEKEN'NY FIOMBONAMBE ANGLIKANA

Teny mialoha:

Amin'ny maha – fiangonana miray ao amin'ny Fiombonam-be Anglikana anay izay eo ambany fitarihan'i JESOA KRISTY no anambarany fa miray hevitra izahay amin'ny ireto fanambarana sy fiaikena manaraka ireto. Amin'ny vahoakan'Andriamanitra avy amin'ny «firenen-drehetra sy foko rehetra izay miteny amin'ny fiteny rehetra» (Apokalipsy 7: 9) no anaovanay izao, mba hitorianay Vaovao Mahafaly amin'ny fomba mahomby kokoa arakaraka ny toe-java- misy samihafa ny fahasoavan'Andriamanitra voalazan'i Vaovao Mahafaly, hanolorana ny fitiavan'Andriamanitra ho valin'ny fanirian'Izao tontolo Izao, hihazonana ny

firaism-panahy amin'ny alalan'ny fiadanana sy filaminana miaraka amin'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo, hahatratrarana ny fahafenoan'ny fahalehibeazan'i Kristy (Efesianina 4: 3, 13)

Fizarana Voalohany: NY LOVAM-PINOANTSIKA

1.1 Ny fiangonana tsirairay dia manambara:

- 1.1.1 Ny Fiombonany ao amin'ny Fiangonana iray, masina, Katolika sy Apostolika, manompo Ilay Andriamanitra Marina, Ray tokana, Zanaka sy Fanahy Masina.
- 1.1.2 Ny Finoana Katolika Apostolika izay ambaran'ny Soratra Masina irery ihany sy tononin'ny Fiaikempinoana Katolika.³ Ilay finoana averina sy torina hatramin'ny taranaka mifandimby. Ireo bokintoratara mirakitra ny tantaran'ny Fiangonana Anglikana⁴ nosoratana nandritra ny vanimpotoanan'ny fiovana (Réforme) ary nekena dia vavolombelon'' izany finoana izany.
- 1.1.3 Ireo Soratra Masina ao amin'ny Testamenta Taloha sy Vaovao izay mirakitra ny tokony hatao mba ho famonjena sy mamaritra ny fitsipika sy fenitra ambonin'ny finoana.⁵
- 1.1.4 Ny Famantaran'ireo Apostoly izay famantarana ny Batisa ary koa ny Foto-pinoana Nikeana no fanambarana mifanaraka amin'ny finoana Kristianina.⁶
- 1.1.5 Ireo Sakramenta roa naorin'i Kristy dia ny Batisa sy ny Fanasan'ny Tompo. Omena arka ireo teny nanononany azy tsy nasiam-panovana sy ireo singa nampiasainy tamin'izany.⁷
- 1.1.6 Ny tantaran'ny Eveka mifandimby, dia arakaraky ny zava-misy eo an-toerana sy ny filan'ny firenena ary ny vahoaka ao aminy no hampiharana ny fomba fandraharahana ataon'izay olon'Andriamanitra voaantso amin'ny fampiombonana ny Fiangonany.⁸
- 1.1.7 Ny fifampizarana amin'ireo fiombonantsika mivavaka sy ny fombam-pivavahantsika (Litorjia) izay manome endrika, mamelona sy manohana ny fiderantsika an'Andriamanitra sy ny Finoantsika ary ny fiarahantsika miaina
- 1.1.8 Ny fampandraisana anjara an'ireo vahoakan'Andriamanitra rehetra amin'ny asa fanompoana apostolika ary io iraka io dia ifampizarana amin'ireo fiangonana hafa ary ireo fombafomba ivelan'ny io fanekena io.

1.2 Eo am-piainana miaraka izany lovam-pinoana izany araka ny zava-misy, dia manaiky ny fiangonana tsirairay entanin'ny Fanahy Masina fa:

- 1.2.1 Hampianatra sy hiasa tsy an-kiato ary ampirindra azy araka ny Soratra Masina ary ny Finoana Katolika sy Apostolika, ny Filaharana ary ny fombafomba (Tradition), araka ny nandraisan'ny Fiombonana Anglikana azy ary tsy manadino ireo filan-kevitra iombonan'ny Firaismbe Anglikana ary ireo fifanarahana Ekiomenika.
- 1.2.2 Hitazona sy hampianatra ireo fomba fisainana sy fitsipika Kristianina ara-teolojika sy ara-moraly izay mifototra amin'ny fampianaran'ny Fanahy Masina sy ny fombafomba Katolika.
- 1.2.3 Hijoro vavolombelona izany fisainana izany amin'ny fihavaozan'ny zanak'olombelona sy ny tontolo voahary rehetra amin'ny alalan'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty ary haneho ny fahamasinana izay nomen'Andriamanitra ny olony izay takiny aminy rahateo.

³ izany dia nanakoako tamin'ny teny Fanambarana momba ny Famaizana ny izay nataon'ireo Klerjen'ny Fiangonan'ny Angletera – Kanona C15

⁴ Ny volavolan-dalàna Sivy amby telopolo momba ny Fivavahana, Ny Boky Fivavahana tamin'ny 1662, ary ny filaharan'ny Eveka, Presbytera ary Diakona

⁵ Ny Efa-joron'ny Chicago-Lambeth tamin'ny 1886/1888

⁶ Ny Efa-joron'ny Chicago-Lambeth tamin'ny 1886/1888

⁷ Ny Efa-joron'ny Chicago-Lambeth tamin'ny 1886/1888, Ny Teny Fanolorana amin'ny Fanambarana Famaizana, Kanona C15 an'ny Fiangonana Angletera

⁸ Ampitahao ny Efa-joron'ny Chicago sy Lambeth Quadrilateral tamin'ny 1886/1888

- 1.2.4 Hihaino, hamaky, hanipika, hianatra ary hitsakotsako ao anaty ny Soratra Masina arakaraka ny zavamisy iainantsika, izay norantovina tamin'ny alalan'ny famakian'ny mpino miaraka sy ny fijoroana vavolombelona – ny Soratra Masina avy amin'ny fampianaran'ny Eveka sy ny Synoda ary ny vokatry ny fandalinana lalina nataon'ireo Laika sy ireo olom-boatendry manam-pahaizana manokana.
- 1.2.5 Hanome antoka fa ireo tenin'ny Baiboly dia mba ho voaray sy hovakina ary hazavaina am-panajana, mazava tsara ary mifanaraka tsara araka izay voalaza marina ao aminy, amin'ny fahazoana antoka fa ny Soratra Masina dia manilo sy hanova hatrany ny Fiangonana sy ny Kristianina ao aminy ary miaraka amin'izay koa ny isam-batan'olona, nyKolotsaina ary ny fiaraha-monina.
- 1.2.6 Hamporisika sy handray an-kalalahana ny fampianaran'ny mpitarika mahatoky manao asa fanompoana feno faminaniana sy haharitra amin'ny asa fanompoana sy ny iraka mba hahafahan'ny vahoakan'Andriamanitra hijoro vavolombelona amin-kerimpo ny herin'ny Vaovao Mahafaly amin'izao tontolo izao.
- 1.2.7 Hikatsaka amin'ny lafiny rehetra mba hitazonana ny adidy isanandro tsy maintsy tanterahana amin'ny fitazonana sy fihinanana ny Fiombonana eokaristika, ho fanajana ny fitsipika ara-kanonika misy, amin'ny fihezantsika mafy eo ambany fitondran'Andriamanitra ho an'ny fahatanterahn'ny fiombonan'ny Kristianina manontolo.
- 1.2.8 Hanaraka ny fisintahana masina iarahana miaraka amin'ny Vatan'ny Kristy manontolo tsy mitsahatra mba hanavahana tsara any fahafenoan'ny fahamarinana ao amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina antsika, ka ny olona rehetra avy amin'ny firenen-drehetra dia mba ho afaka handray ny fiainam-baovao sy feno ao amin'i Jesoa Kristy.

Fizarana Faharoa: NY FIAINANA HIFAMPIZARANTSIKA AMIN'NY HAFA: NY ANTISO MAHA ANGLIKANA ANTSIKA

2.1 Ny fiangonana tsirairay dia manambara:

- 2.1.1 Ny fiombonana amin'ny maha fanomezan'Andriamanitra azy, ka ny vahoakan'Andriamanitra na avy any antsinanana sy andrefana, na avy any avaratra sy atsimo, dia samy hanambara avokoa ny voninahitry ny Tompo ary koa ho sady famantarana ny fanjakan'Andriamanitra ao amin'y Fanahy Masina no sady voalohambokatra eo amin'ny izao tontolo izao ny fanavotan'Andriamanitra ao amin'i Kristy.
- 2.1.2 Ny fizaram-pahasoavan'ny fiangonana noho ny fitondran'Andriamanitra sy ny famindrampony tamintsika nandritry ny taona maro nifandimby: ny loharano nipoirantsika tao amin'ny fiangonan'ny Apostoly; ireo fomba amam-panao fahiny iraisantsika; ireo harena ara- tantaran'ny fiangonana tao Angleteran sy Irlanda izay novolavolain'ny fanavaozana ary koa ny fandrosoantsika, miaraka amin'ny fiombonana manerantany, amin'ny alalan'ny asa mieli-patrana eo amin'ny sehatry ny asa fitorian'ny fiangonana, fanavaozana entin'ny asan'ny Fanahy Masina eo amintsikan noho ny fanomezam-pahasoavana sy fijoroana vavolombelona izay mitaky fahafoizan-tena eo amintsika mpino Anglikana rehetra manerantany; ary farany ny fiantsoana antsika ho amin'ny fiombonam-piainana feno fivelarana sy fiombonana.
- 2.1.3 Am-panetrentena ny antsoantsika amin'ny fitalahoana tsy mitsahatra: ho an'ny tsy fahombiazantsika eo amin'ny fampiharana ny faharetana sy ny fanaovana asa soa ary ny fahatsapana ny fanatrehan'i Kristy eo amin'ny tsirairay; ny tsy fahaizantsika mampiasa ny fanomezan'Andriamanitra; ny tsy fahatomombanantsika amin'ny famaliana ny antson'Andriamanitra amin'ny asa fanompoana; ary ny fifanararaotana ataontsika samy isika.
- 2.1.4 Ny fandidiana amin'ny fanirahan'Andriamanitra eo amin'ny fiombonana dia ny antso sy ny tsodrano izay ifandraisan'ny fiangonana amin'ny hafa ao amin'ny Kristy Jesoa amin'ny asa fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra. Amin'izao fihitarana sy fitohizan'ny fiombonana eo amin'ny fianakaviana iraisan'ny fiangonana manerantany tsy mivaky, dia miatrika fanamby sy tombontsoa maro ho an'ny asa misiona eo an-toerana, any amin'ny faritany ary eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Araka izany, dia ankasitrahantsika ny lova maha iraka antsika izay manome antsika Anglikana ireo tombontsoa maro amin'ny fiaraha-miasa.

2.1.5 Fa ny asa misiona iarahantsika dia asa fanompoana ifampizarantsika amin'ny Fiangonana hafa sy Fomba samy hafa eo ambonin'izany fifanekena izany. Fihinay mafy ireo zava-tsoa maro avy amin'ny fahitanay ny fiainana ao amin'ny Vaovao Mahafaly manontolo, sy ho amin'ny fampihavanana ary fiaraha-mizara ny asa fanompoana amin'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao. Hamafisinay etoana koa ny antso ekiomenikan'ny Anglikanisma ho amin'ny fiombonana tena hita maso eo amin'ny Fiangonana amin'ny alalan'ny vavaka nataon'i Kristy hoe:«mba ho iray ihany izy rehetra». Izany, dia miaraka amin'ireo Santa isaky ny toerana sy ny fotoana mba hahatakarantsika ny tena halalin'ny fanavotan'ny Kristy sy ny fitiavany antsika izay tsy voafetra.

2.2. Amin'ny fankatoavana ireo fanambarana ireo, ny fiangonana tsirairay izay miankina amin'ny Fanahy Masina, dia manolotra ny tenany:

- 2.2.1 mba hamaly ny antson'Andriamanitra amin'ny fitoriana ny Filazantsara sy fizarana ao amin'ny fanasitranana ary ny asa fampihavanana «ho amin'ny fahasambarantsika nefa tapaka, marary ary fahalavoanizao tontolo izao»⁹ ary miaraka amin'ny andraikitra ifampizarana, mba hifampizarana ny fanomezam-panahy avy amin'Andriamanitra ary fitaovana ho fampitaovana amin'izany asa izany.
- 2.2.2 Mba handray anjara amin'izany asa fanirahana izany, izay nataon'Andriamanitra tao amin'i Kristy¹⁰:
- 2.2.2.a «hitory ny Vaovao Mahafalin'ny Fanjakan'andriamanitra» ary hitaona ny rehetra ho amin'ny fibebahana sy Finoana;
- 2.2.2.b «hampianatra, manao batisa sy manome sakafo ireo mpino vaovao», manao ny firenena rehetra ho mpianatr'i Kristy (Mt.28.19) amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina¹¹ ary mitarika azy ireo ho amin'ny vatana irain'i Kristy izay finoana, antso ary fanantenana dia iray ao amin'ny Tompo (Efes. 4.4-6)
- 2.2.2.c «hamaly ny filan'ny zanak'olombelona amin'ny alalan'ny fanaovna asa soa», fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny asa feno fanetrentena amin'ireo tena mila fanampiana (Mk 10. 42-45; Mt 18.4; 25. 31-45);
- 2.2.2.d «mikatsaka sy manova ny drafitry ny tsy fahamarinana eo amin'ny Fiaraha-monina»¹² izay tarigetra ijoroan'ny Fiangonana avy amin'i Kristy izay sady nitory ny fitsarana sy famonjena ho an'ny firenena eran'izao tontolo izao¹³, ary aseho amin'ny ataontsika amin'ny alalan'ny fahamarinan'Andriamanitra manampahefana amin'ny fisehoan'ny herin'ny Fanahy¹⁴
- 2.2.2.e «miezaka mafy miaro ny asa famoronana sy miaro ary manavao ny fiainana eto antany», izay lafiny manandanja amin'ny asa fanompoanay eo amin'ny fiombonana.¹⁵
- 2.2.3 miantoka am-panetrentena ny asa fanompoana sy ny fisokafanay amin'ny faharesen-dahatra irosoanay eo anatrehan'ny tsy fahatokianay ary ny tsy fahombiazanay amin'ny fijoroana vavolomelona.
- 2.2.4 miaina sy manavao ireo rafitry ny asa fanompoana izay hamohafoha sy hampisedra fanamby vahoakan'Andriamanitra rehetra mba hiasa, hivavaka ary hanome ho an'ny asa fampielezana ny Vaovao Mahafaly.

⁹ Tatitry ny IASCOME, ACC-13

¹⁰ Ny teboka dimin'ny asa misiona dia voapetraka ao amin'ny tatitra MISSIO tamin'ny 1999, manangana asa ao amin'ny ACC-6 sy ACC-8

¹¹ *Fiangonana amin'ny maha Fiombonana azy* n26

¹² ACC- 15 [Novambra 2012] hampiana amin'ity fehezan-teny ity, «mikatsaka fanovana amin'ireo rafitra tsy mandeha amin'ny tokony ho izy eo amin'ny Fiaraha-monina, miatrika fanamby amin'ny karazan'ny herisetra rehetra ary manorina fandriam-pahalemana sy fampihavanana. »

¹³ World Council of Churches, 1954 Evanston, *Christ the Hope of the World (Kristy, Fanantenan'izao tontolo izao)*

¹⁴ *Tranga tao Moscou*, 43

¹⁵ IARCCUM, *Growing Together in Unity and Mission (Miara-mitombo ao amin'ny Firaisana sy Asan'Andriamanitra*, 118

- 2.2.5 Mandahatra ny asa misiona ho mahafinaritra ary manome voninahitra an'Andriamanitra, ary mankasitraka fa ny fiombonantsika eo amin'ny eokaristia dia «Kristy ny loharano sy tanjon'ny fiombonan'ny fiangonana ary fanavaozan'ny fiarahan'ny olona»¹⁶

Fizarana Fahatelo: FIOMBONANTSIKA SY NY FIARAHANTSIKA MIAINA

3.1 Ny Fiangonana tsirairay dia manambara:

- 3.1.1). Fa amin'ny fandraisantsika anjara amin'ny Batisa sy ny Komoniona Masina, dia mikambana iray ao amin'ny vatana iray ny Fiangonan'ny Jesoa Kristy, ary nantsoin'i Kristy hikatsaka izay rehetra mahatonga fandriam-pahalemana sy fanorenana ny fiaraha-miaina.
- 3.1.2). Ny vahaolany amin'ny fiainana ao amin'ny amin'ny fiombonan'ny Fiangonana. Ny Fiangonana tsirairay miaraka amin'ny Evekan'izy ireo eo amin'ny Synoda, dia mandrindra sy mandamina ny lamin'asany avy sy ny andraikity ny tsirairay eo an-toerana ho an'ny asa misiona arakaraka ny zavamisy sy rafim-pitantanana sy lalàna eo amin'ny firenena eo an-toerana ary araka izany no hanamarihana fa velona «ao amin'ny fiombonana miaraka amin'ny zava-misy sy ny fahafahamividy»¹⁷. Fahatokisana ny Fanahy Masina izay niantso mahatonga antsika hitoetra eo amin'ny fiaraha-miaina ao anatin'ny fiaraha-manompo sy mivavaka, ao anatin'ny fifankatiavana, amin'ny fandraisana andraikitra sy fanompoana, isika dia mikatsaka mba hanambara ny fiarahantsika miaina amin'ny alalan'ireo fitaovana'ny Fiombonana ireo izay mahatonga ny Fiangonana hifanaraka amin'ny fisainan'i Kristy. Ny Fiangonana miombona ao amin'ny Anglikana, dia mifamatotra « tsy amin'ny alalan'ny lalàna ifotony sy lalàna mpanatanteraka fa kosa amin'ny alalan'ny firahalahiana izay tohanan'ny mpanolotsain'ny Eveka eo amin'ny fivoriana»¹⁸ ary ireo fitaovana hafa amin'ny fiombonana.
- 3.1.3). Ny ivon'ny asan'ny Eveka amin'ny maha- mpiambina sy mpampianatra ny finoana azy, amin'ny maha-mpitarika azy ny asa misionera, ary amin'ny maha-ohatra velona amin'ny fiombonana azy, dia ny maneho fa mifanindran-dàlana ny fiangonana manerantany sy ny fiangonana eo an-toerana ary maneho ny maha iray amin'ny samy Fiangonana eo an-toerana. Izany asa fanompoana izany dia tanterahany izy (Eveka) samirery, miaraka amin'ireo Klerje ao aminy mba ho an'ny fiombonana Eokaristika. Voaray sy tehirizinay mafy ny mahazaka telo olan'ny asa fanompoan'ny Eveka, Presbytera ary ny Diakona, izay notendrena ho amin'ny asa fanompoana eo amin'ny fiangonan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiantsoany ireo vita batisa rehetra amin'ny asa fanompoan'i Kristy Jesoa.
- 3.1.4). Ny maha zava-dehibe ireo fitaovana ireo eo amin'ny Fiombonambe Anglikana dia mba hanampy amin'ny fitsinjarana, filazana ary fampiharana ny fiaraha-miaina ny finoana sy fiaraha-miaina ary ny asa fanompoantsika. Ny fiainana ny Fiombonana dia ahitana ny fandraisana andraikitra mitohy miaraka amin'ny fanehoana hetsika samy hafa amin'ny fahefana Apostolika, amin'ny alalan'ny Synoda sy ny Fivoriamben'ny Eveka eo an-toerana, amin'ny alalan'ny fanadihadihana mitohy sy maneho mazava ny finoana iombonan'ireo mpikambana iray amin'ny Fiangonana (*consensus fidelium*). Ho fanampin'izany fifandraisana maro samihafa izay mampaharitra ny fiarahantsika miaina izany, dia nametraka ireto fitaovana efatra (4) lehibe ireto izahay eo amin'ny ambaratongan'ny Fiombonambe Anglikana izay maneho ity fiaraha-miasa ity amin'ny asa fanompoana eo amin'ny fiainana ny fiombonana:
- I. Ekenay ny Arsevekan'ny Kanterbory ho Eveka eo amin'ny Seza fiketrahana ao Kanterbory izay maneho sy miara-miombona mandrakariva amin'ny Fiombonambe Anglikana manerantany, ho filoham-boninahitra faratampony sy hankatoavina eo amin'ny fiombonamben'ny Eveka eo amin'ny Fiombonambe Anglikana izay voalohany ao anatin'ny fitoviana (*primus inter pares*). Amin'ny maha fijery lavitra sy maha zava-dehibe azy, ny Arseveka dia mamory sy miara-miasa amin'ny Konferansan'ny Lambety sy ireo Fivoriamben'ny Eveka ary ireo Filohan'ny Filankevitry Fivoriamben'ny Anglikana.

¹⁶ Baptism, Eucharist and Ministry, WCC 1982 (Batisa, Eokaristia ary Ministera)

¹⁷ Ny taratasy avy any Aleksandria, Ireo Eveka, March 2009

¹⁸ Ny Konferansa tao Lambety ny taona 1930

- II. Ny Konferansan'ny Lambety no maneho ny firahalahian'ny Eveka manerantany, sy miarampiombona ny eveka rehetra amin'ny fanompoana iraisana, fifanakalozan-kevitra, fiaraha-mizara sy fifankaherezana eo amin'ny asa fanompoana amin'ny maha mpiaro ny fionoana sy fiombonan'ny Fiangonana ary manome fitaovana ilain'ireo santa ho amin'ny asa fanompoana sy asa fanirahana (Efes 4.12)
- III. Ny Filankevitry ny Fiombonamben'ny Anglikana dia ahitana solontenan'ny Lahika, Klerje ary eveka avy amin'ny isam-piangonana.¹⁹ Izany, dia manamora ny fiaraha-miasan'ny Fiangonana eo amin'ny Fiombonambe Anglikana, manamora koa ny fiaraha-mitantana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny asa misionera amin'ny samy Anglikana, mitaona ny Fiangonana ho amin'ny fanatanterahana ny andraikitra ao anatin'ny firahalahiana sy fifampiankinana ary fifampizarana tolokevitra amin'ny fampandrosoana rafitra ara-provansialy.²⁰
- IV. Ny Fivoriamben'ny Eveka dia tarihan'ny Arsevekan'ny Kanterbory amin'ny alalan'ny fanohanana ara-pirahalahiana, sy vavaka ary ara toro-hevitra. Ny Fahefana izay entin'ireo Eveka amin'ny fivoriana dia izay nivoitra tany amin'ny Provansa izay niaviany sy Synoda nataony avy ihany, ary hifanakalozany hevitra miaraka amin'ireo Eveka hafa izao ao amin'ny tranobe fivorian'ny Eveka.²¹ Eo amin'ny Fivoriamben'ny Eveka, ireo Eveka sy ireo solontenan'ny Fiangonana dia nantsoina mba hiasa amin'ny maha solontenan'ny Provansa niaviany avy amin'ny alalan'ny fiaraha-miasan'ny tsirairay eo amin'ny lafin'ny asa fanirahana sy foto-pampianaran'ny Fiangonana, ny moraly ary ny asa famangiana ny fiangonana izay manana fiantraikany eo amin'ny fiombonambe Anglikana manerantany.

Izany, dia andraikitra ny ireo fitaovana tsirairay ireo no mijery, mamaly ary manohana ny fiaovana tsirairay sy ny Fiombonan'ny Fiangonana. Ireo fitaovana tsirairay ireo koa dia afaka mampifandray sy mametraka dingana harahina amin'ny fitsinjarana sy fitarihana ny Fiombonana ary ny Fiangonana.

3.2 Fahafantarana ny fifampiankinan'ny fiainantsika, ny fiangonana tsirairay, izay miankina amin'ny Fanahy Masina, dia tokony:

- 3.2.1. Hahatsapa fa ny fampiasana ny fahafahana dia ho an'ny tombontsoa itambaran'ny fiombonana, fanohanana ny asan'ireo fitaovana mampiobona miaraka amin'ny fitaovana ara-panahy sy ara-materialy izay hananana, sy mba handray ny asany amin'ny fahavononana sy handray ireo toro-hevitra arosony, ary hiezaka hanome lanja ny tor-marika arosony.
- 3.2.2. Hanaja ny fahaleovantenan'ny fitsipiky ny Fiangonana rehetra ao amin'ny fiombonambe Anglikana, sady ho fanajana ny fifamenoan'ny andraikitra sy ny fifampiankinana ao amin'ny vatan'i Kristy²², ary ny fanajana ny andraikitra ny tsirairay ao amin'ny Fiombonana.²³
- 3.2.3. Hanana saina misokatra sy feno faharetana amin'ny ady hevitra sy fandinihana ara-Teolojia, hahay hihaino, sy hivavaka ary handalina miaraka amin'ny hafa mba hahay handanjalanja ny sitrapon'Andriamanitra. Ny vavaka, sy ny fandalinana ary ny adi-hevitra toy izany, dia toetra tena ilain'ny fiainan'ny Fiangonana ho an'izay rehetra mitady hotarihan'ny Fanahy Masina ao amin'ny fahamarinana sy ho an'izay hitory indray ny Vaovao Mahafaly hoan'ny taranaka mifandimby. Mety hisy fanontaniana sasantsasany hampifanditra na mety hisy fiovana mihitsy hivoitra izay mitaky fandinihana lalina ny fanambaran'Andriamanitra ho antsika, ny sasany amin'izy ireo mety hamitaka sy hanimba mihitsy ny finoana. Ireo tranga vaovao ireo dia tokony hodinihana lalina amimpandanjanjana miaraka ao amin'ny fiainan'ny fiangonana.
- 3.2.4. Hikatsaka sy Hanana toetsaina misokatra amin'ny fiangonana hafa amin'ny alalan'ny toro-hevitry ny fiombonamben'ny filankevitra momba ny tombontsoa iombonana mba hifanaraka amin'ny Soratra Masina sy ny fitsipika itambaran'ny finoana ary ny lalàn'ny Fiangonana. Ny Fiangonana tsirairay dia

¹⁹ Fitsipiky ny Filan-kevitra ambonin'ny Anglikana (ACC), Laharana faha- 3 sy ny Fandaharam-potoana

²⁰ Ampitahao ireo zavatra ireo amin'ny Fitsipiky ny ACC izay hita ao amin'ny laharana faha-2

²¹ Report of the Windsor Continuation Group, 69 (Tatitry ny Windsor Fitohizan'ny Vondrona)

²² Konferansa tao Toronto ny 1963, ary ireo Fepetra folon'ny fifandraisana amin'ny hafa

²³ Ampitahao ny fandaharam-potoana tao Daresalama tamin'ny Fanambarana nataon'ireo Eveka tamin'ny fivoriana tamin'ny 2007

tokony hanana fifandraisana midadasika amin'ny fiangonana hafa ao amin'ny Fiombonambe Anglikana miaraka amin'ireo Fitaovana sy ireo Vaomieran'ny Fiombonana.

- 3.2.5. Hiasa amim-pitandremana sy amim-pahamalinana ary fepetra manoloana ireo asa mety hiteraka fifandonana, izay mety hanoina ny firaisan'ny Fiombonana sy ny fahombiazana ary ny fankatoavana ny asa fanirahany.
- 3.2.6. Manoloana ireo sehatra tsy milamina ireo, dia tokony handray anjara amin'ny fanelanelanana izay mitaky fihaonana mivantana, mba hisian'ny fifankazahoana sy fiaraha-mijery ny vahaolna tokony harahana.
- 3.2.7. Hahatsapa fa ny fifandraisam-po sy ny fitiavana ao amin'i Kristy no manery antsika mba hitandrina sy hikorokoro ny Fiombonana araka izay faran'ny tratra.

Fizarena Fahaefatra: NY FIARAHANTSIKA MIAINA NY FIFANEKENA

4. Ny Fiangonana tsirairay dia manambara ireto fitsipika sy fomba manaraka ireto ka manao izay hanatanterahana izany am-piankinana amin'ny Fanahy Masina.

4.1 Fampiharana ny Fifanekena

- 4.1.1 ny Fiangonana tsirairay dia manambara fa miditra amin'ny fifanekena tahaka ny fanomezan-toky amin'ny fifandraisana amin'ny fanekena an'Andriamanitra. Ny Fiangonana tsirairay dia manolotra maimaimpoana ity fanomezan-toky ity amin'ny Fiangonana hafa mba hiainanizy ireo feno amin'ny fiombonan'ny Fiangonana sy fifampiankinana izay tena zava-dehibe amin'ny Fiangonana ao anatin'ny Firaisambe Anglikanina. Ny Firaisambe Anglikanina dia fianakaviana ao anatin'ny Fiangonana tokana, Masina, Katolika sy Apostolika, Fiangonana amin'ny firenena na amin'ny faritra, izay ahitana ny singa tsirairay voaray ara-kisa amin'ny hafa, ireo fifandraisan'ny fahatokiana iraisana ao amin'i Kristy izay miseho amin'ny alalan'ny finoana iraisana sy ny filaminana, lova nofampizarana ao amin'ny fanompoam-pivavahana, ny fiainana sy ny misiona, ary ny fanoloran-tena hiaina amin'ny fiainana hifanampiana.
- 4.1.2 Eo am-pandraisana ilay fanekena, ny fiangonana tsirairay dia manaiky fa tamin' ireo tapany taloha ireo dia misy fanambarana finoana, ny misiona ary fifampiankinan' ny fiainana izay mifanaraka tsara amin'ny fiainany manokana sy ny foton-pampianarana ary ny fampiarana ny finoana kristianina arak' izay nandraisany azy. Manaiky fa ireo singa manan-danja ho amin'ny fiainan'ny firaisam-be Anglikanina ary koa noho izany ho amin'ny fifandraisan'ireo fiangonana ifanekena.
- 4.1.3 ny fanomezan-toky tahaka izao dia tsy maneho fanoloran-tena ho eo ambany lalàn'ny fiangonana. Tsy misy amin'ireto fifanekena ireto natao hanovana ny lalàm-panorenana sy ny Kanona amin'ireo fiangonana ao amin'ny firaisam-be, na hamaritry ny fahaleovan-tenany manokana amin'ny fitantanana. Ny fifanekena dia tsy nomena ho an'ny fiangonana tokana na «organismes» hafa manara-maso ny firaisam-be na ho fitarihana eo amin'ny fiangonana rehetra ao amin'ny firaisam-be Anglikana.
- 4.1.4 ny fiangonana tsirairay ao amin'ny firaisam-be Anglikana, araky ny nahalalana azy, mifanaraka amin'ny «constitution du conseil consultatif Anglican» dia asaina hiditra ao anatin'ity fifanekena ity arakaraky ny «procédure constitutionnelle» ao anatin'ny.
- 4.1.5 ireo fitaovan'ny firaisam-be dia afaka manasa ireo fiangonana hafa mba hanaiky ny fifanekena amin'ny alalan'ny fampiasana ireo dingana ireo ihany mitovy amin'izay nambaran'ny «conseil consultatif Anglican pour la modification de son calendrier de l'adhésion». Ny fandraisana ity fifanekena ity dia tsy manome zo amin'ny fanekena, na amin'ny maha fananana, ireo fitaovan'ny firaisam-be izay hotapahin'ireo fitaovana ihany.
- 4.1.6 Io fifanekena io dia ampandehanana hoan'ny fiangonana iray izay mampiasa azy. Amin'ny alalan'ireo dingana manokana ao amin'ny lalam-panorenana sy ireo Kanona.

4.2. Fikirakirana ny Fifanekena

- 4.2.1. Ny mampandeha ny Fifanekena dia ny mba hampisehoana ny fanomezantoky iraisana sy ny fandraisana andraikitra izay mihazona ny fiangonana ao amin'ny firaisan'ny tsirairay. Ny fanekena sy ny fahatokiana manoloana ity fifanekena ity, mahatonga fanekena sy firaisana eo amin'ny tsirairay ny fandraisana anjara ao amin'ny fifanekena dia mitarika ny faneken'ny fiangonana tsirairay ireo zavatra izay tsy maintsy tazominy ao amin'ny fiainany manokana sady tompon'andraikitra izy manoloana ireo fiangonana izay manana firaisana aminy mba hiazoana ny fifandraisana voalaza ao anatin'ity fifanekena ity .
- 4.2.2. Ny «*commité permanent de la communion Anglican*», tompon'andraikitra manoloana ny conseil consultative Anglican et l'assemblée des primats no manaramaso ny fizotran'ny fifanekena ao amin'ny fianan'ny firaisambe anglikana amin'ny anaran'ireo fitaovana mampiray azy. Manoloana izany ny comité permanent dia tokony ho tohanan'ny comité na commission hafa izay afaka manampy amin'ny fanontanterahana ny asa sy ny manolo-tsaina azy ny amin'ireo fanontaniana mifandray amin'ity fifanekena ity.
- 4.2.3. Raha misy fanontaniana mipetraka momban'ity fifanekena ity na momba ny fihetsikin'ny fiangonana miaraka amin'ny fifanekena dia andraikitrin'ny fiangonana tsirairay ny mitady Hiauna mifanaraka amin'ny tapany 3.2, mety ilay fiangonana no hametraka ireo fanontaniana ireo, na fiangonana hafa na ireo fitaovan'ny firaisana.
- 4.2.4. Raha misy zavatra nozaraina nefa tsy tratra, ilay fanontaniana dia apetraka eo ambanin'ny fiahian'ny comité permanent. Ny comité permanent dia tokony hanao ny ainy tsy ho zavatra mb a hamoran'ny fifankazahoana, ary afaka maka hevitra amin'ireo «*organisme*» izay heveriny fa mendrika hanapaka fomba fijery ny amin'ny toetry ny fanontaniana sy ny vokatra eo amin'ny fifandraisana izay mety iseho. Raha sendra tsy mahomby ny comité permanent dia tokony andefa ilay fanontaniana any amin'ny conseil consultatif anglican sy ny assemblée des primats mba hahazoana ny torohevita.
- 4.2.5. Ny comité permanent dia afaka mangataka amin'ny fiangonana iray tsy hanao fihetsika mahatonga resabe. Raha ohatra ka mandà ny hanao izany ny fiangonana iray, ny comité permanent dia afaka mametraka izany amin'ireo fitaovana firaisaina vokatra ara-pifandraisana izay mety mamaritra ny ny fandraisana anjara na ny fampihatoana vonjy maika avy amin'ireo fitaovana firaisana hatramin'ny fahatanterahan'ny dingana etsy ambany.
- 4.2.6. Ny «*Comite permanent*» dia afaka manambara fa ny fihetsika iray dia «*tsy mifanaraka amin'ny Fifanekena*» amin'ny alalan'ny hevitra avy amin'ny «*Conseil Consultatif Anglican et l'Assemblée des primats*».
- 4.2.7. Amin'ny alalan'ny hevitra voaray, ny «*Comite permanent*» dia hanao «*recommandation*» ny amin'ny vokatra ara-pifandraisana avy amin'ny fihetsika tsy mifanaraka amin'ny Fifanekena. Ireo «*recommandations*» ireo dia afaka alefa amin'ny Fiangonana ao amin'ny Firaisambe Anglikana na ireo fitaovan'ny Firaisana ary mamaly raha toa ka ilay fanapahan-kevitra dia misy akony amin'ireo Fiangonana alliance na mamaritra ny fiombonana amin'ilay Fiangonana sy ireo Fiangonana hafa ao amin'ny Firaisambe, ary ny vokatra ny tsy fanarahana na fanaovana fetra. Anjaran'ny Fiangonana tsirairay na ny fitaovan'ny Firaisana no mamantatra na hanaiky na tsia ny «*recommandations*».
- 4.2.8. Ny fandraisana anjara amin'ny fanapahankevitra ataon'ny «*Commission Permanent*» na ireo fitaovan'ny firaisana manoloana ny andininy 4.2 dia tokony ho voafetra amin'ireo mpikambana fitaovan'ny firaisana izay solontenan'ny fiangonana izay nanaiky sy nandray ny Fifanekena, na eo an-dalan-pandraisana izany.
- 4.2.9. Ny Fiangonana tsirairay dia manao fametrahana «*mecanisme*» na «*organisma*» na «*institution*» mifanaraka amin'ny lalam-panorenany na ny Kanona anany, tahaka ny ahafahana mampanome toky azy fa hanaramaso ny fanirakirana sy fanomezantokin'ny Fifanekena ao amin'ny fiainan'ny Fiangonana, ary hitondra kosa ireo fanontaniana sarotra momba ny Fifanekena any amin'ny fitaovan'ny Firaisambe.

4.4. Ny Lahatsoratra ny Fifanekena sy ny Fanohavana azy.

- 4.4.1 Ny Fifanekena voarakitry ny lahatsoratra, izay ao anatin'ity atontan'taratasy ity ao amin'ny savaranonando, ireo fizarana voalohany ka hatramin'ny fizarana fahaefatra ary ny Fanambarana. Ny

Fampidirana ao amin'ny lahatsoratra ny Fifanekena, izay tsy maintsy hanampiana ny lahatsoratra ny fifanarahana dia tsy isan'ny Fanekena, fa tsy maintsy ankatoavin'ny manam-pahefan'ny Fiangonana mba ho azo ny tanjon'ily Fifanekena.

- 4.4.2 Ny Fiombonan'ny Fiangonana manontolo na ny Fitaovan'ny Fiombonana dia afaka manolotra tolo-kevitra mikendry ny hanova ilay fifanekena ho an'ireo fitaovan'ny Fiombonana amin'ny alalan'ny Komity maharitra. Ny Komity Maharitra no mampita ilay tolo-kevitra any amin'ny Filan-kevitra ny Fiombonambe Anglikana, Fiombonamben'ny Eveka ary manambara raha azo ekena ilay tolo-kevitra ny Fiombonan'ny Fiangonana sy ireo sampana hafa. Ny Komity Maharitra no mamolavola sy mandroso ny fepetra momba ilay tolo-kevitra naroso ary mamerina ilay tolo-kevitra any amin'ily Fiombonan'ny Fiangonana haverina hodinihana. Azo ampiharina volavolan-kevitra tapaka raha voafidin'ny telo am-pahaefatra ireo Fiangonana. Ary ny Komity Maharitra no mandrafitra ny dingana hahatongavana amin'ny fanambarana ny fankatoavana ilay tolo-kevitra.

Ny Fanambaranay:

Amin-kafaliana sy tamim-pamakafakana lalina no hanambaranay fa ny Fiangonantsika dia tafiditra ao amin'ny Fiombonamben'ny Fifanekena Anglikana, ary manolotra antsika ny fiaraha-miasa mahomby izay mampiombona antsika akaiky amin'ny Fahamarinana sy ny Fitiavan'i Kristy izay omem-boninahitra mandrakizay ao amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina. Amena.

«Ary Anriamanitry ny fiadanana, izay nitondra an'i Jesoa Tompontosika, Mpiandry ondry lehibe hiala amin'ny maty, mitondra ny ran'ny fanekena mandrakiza. Izy anie hahatanteraka anareo amin'ny tsara rehetra hanao ny sitrapony ka hiasa ao anatinareo izay ankasitrahana eo imasony amin'ny alalan'ny Jesoa Kristy; ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena. (Hebreo 13. 20, 21)»